
FIFAMOIVOIZANA

# Taratry ny "Protectorat" Frantsay ny resaka teleferika

Tamin'ny herinandro lasa teo no feno 126 taona ny 01 Oktobra 1895, nahatonga an'i Madagasikara ho lasa tany teo ambany fiahian'i Frantsa, na ''Protectorat français''. Raha tsiahivina fohifohy ny zava-nitranga dia nisy ny tifi-tafondro nataon'ny tafika frantsay niainga teny Andrainarivo na Avaratr'Ankatso ny 30 Septambra 1895, tsy nahasehaka izany ny tao Anatirova, ka voatery nampanangana saina fotsy, ny Mpanjakavavy Ranavalona Fahatelo no nanambara hoe aleo manaiky fa ringana ny vahoakako, ka ny ampitso 01 Oktobra 1895 dia nosoniavina ny taratasy nanambara ny ''protectorat français'', izay midika hoe ny Praiminisitra Rainilaiarivony nosoloina an'i Rainitsimbazafy saribakolin' ny frantsay, ny Mpanjakavavy Ranavalona Fahatelo dia mijanona ho mpanjaka mpandova fiandrianana sisa, tsy manana fahefana intsony, fa ny tompon'ny fahefana dia ny Jeneraly Duchesne nitarika ny tafika frantsay tamin'ny tifi-tafondro, ka ''Résident Général'' no anarana nisalorany.



Marihina fa ny 29 Septambra 1895 dia teny Ambatobe no nitoby ireo miaramila frantsay niakatra avy any Mahajanga, teny Ambatobe izany no nantsoina hoe ''quartier général'' nanomanana ny tetikady rehetra nandresena ny tafika malagasy, ny ampitso 30 Septambra ireo miaramila frantsay no namonjy an'Andrainarivo na Avaratr'Ankatso nanaovana ny tifi-tafondro namely an'Anatirova.

Ny tantara dia mbola mitohy dia mitohy hoy ny hiran'ny Tarika Ny Nanahary, satria voaporofo f'ireo toerana samihafa izay nahombiazan'ny frantsay dia nohamasinin'ireo saribakoliny na ireo rajakombazaha arakaa ny tononkalon'i Randja Zanamihotra. Andrainarivo na Avaratr'Ankatso, izay toerana niaingan'ny tifi-tafondro namely an'Anatirova, no nohamasinin'ny mpitondra ny Repoblika faharoa nametrahana ny nantsoin'izy ireo hoe ''fasan'ny maherifo' 'izay toerana ilevenan'ny Filohan' ny Repoblika Faharoa Ratsiraka ary teo amin'io toerana io ihany koa no nanenjehana ireo mpitarika tamin'ny ''HMF'' na ''Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana'', sy ireo Zandary avy ao amin'ny FIGN, izay nitaky ny marina sy ny mangarahara, ny 20 Mey 2010 no nitrangan'izany, marihana fa tamin'io andro io koa no nisamborana ireo mpiasan'ny Radio Fahazavana 10 mianadahy.

Ambatobe indray ilay ''quartier général' 'nanomanana ny fanafihana no nanorenana ny ''Lycée Français", izay foiben'ny fanjanahantsaina frantsay eto amintsika, ary tamin'ny 06 February 2009 dia teny Ambatobe trano fonenan'ny filoha ankehitriny no nivory ireo nikotrika ny 07 February 2009, nanaovana sorona ireo vahoaka azo nofitahina teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey, ny tanjon' ireo mpivory dia ny fisian'ny famoizan'aina sy ny fandatsahan-drà nandotoana ny Filoha Ravalomanana.

Tsy ela akory izay, fa ny 13 Septambra 2021 dia nosoniavina tany Paris ny fampindramambola hananganana ny teleferika eto Antananarivo, izay marihina f'io tetikasa io dia mbola tandidon'ny ''Protectorat Français'', satria ny zotra iray dia mampifandray ny faritra avo mandalo an'Ankatso ary mifarana any Ambatobe, izay mazava fa mbola fanomezan-danja ireo toerana nahombiazan'ny frantsay nahatonga antsika ho ''Protectorat français''. fa ny azo lazaina koa aaloha, tsy mbola ho fantatra, na ho tanteraka na tsia izany teleferika izany, ho hitantsika eo ihany ny ho tohiny.

***Ny Valosoa***

« Ligue des nations de l'UEFA 2021 »

# Iray amin'i Frantsa sy Espagne no handimby an'i Portugal



*Portugal tompondaka farany.*

Rahampitso alahady 10 ôktôbra 2021, ao amin'ny kianja « stade San Siro de Milan » any Italia, no hanatanteraha ny lalao famaranana ny fifaninanana baolina kitra « Ligue des nations de l'UEFA 2021 », hifanandrinan'ny « Tricolores » France sy ny « La Roja » Espagne, hanomboka amin'ny 22:45 (ora malagasy). Iza amin'izy roa tonta no handimby an'i Portugal tompondaka farany ? Marihana fa teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana notontosaina tamin'ny alarobia 6 ôktôbra sy tamin'ny alaka misy 07 ôktôbra 2021 lasa teo : i Espagne nandavo an'Italie 2-1 ary i France nandresy an'i Belgique 3-2. Mazava loatra fa i Italie sy Belgique izany no hiady ny laharana faha-3 amin'ny alahady 10 ôktôbra 2021 hoavy izao, saingy any amin'ny kianja « Juventus Stadium de Turin », hanomboka amin'ny 17:00 (ora malagasy).

***Rainilita***

Fitateram-bahoaka

# Mampijaly vahoaka ny taxibe 143 eny Ambohidrapeto

Tsy mihevitra hanatsara ny kalitaon'ny serivisy atolony velively ireo fiara fitateram-bahoaka, na taxibe eto Antananarivo renivohitra, sy ny manodidina hatramin'izao. Miverina indray aza ny fomba ratsiny rehefa niditra nianatra ny mpianatra. Anisan'izany ny tsy fanatanterahana tanteraka ny bokin'andraikitra amin'ny fanajàna ny zotra handehanany manontolo, fa zary tapa-dalana fotsiny no ataony dia tian-kano tsy tian-kano ho an'ny mpandeha izay. Toy ny miaina amin'ny tany tsy misy fanjakana. Miseho miharihary izany, ohatra, amin'ny zotra 143 manao ny zotra Ambohidrapeto – Mahamasina. Vao maraina dia maro amin'izy ireo no tsy manao afa-tsy mandray izay mpandeha hatreo amin'ny sampanan'ny Vinany na ny sampanan-dalana mankany Vinany sy ny Hopitaly izany. Mazava loatra fa ireo mpianatra fotsiny aloha no tiany hoentina amin'izany. Familafilana no atao ny hafa tsy mety amin'izany tapadalana izany, toa ireo mpiasa sy mpanao asa amandraharaha samihafa. Miverina hatrany io fomba ratsin'ny zotra 143 io rehefa amin'ny fotoam-pianaran'ny mpianatra toy izao, efa fotoana ela izay. Toy ny taxibe tsy misy kaoperativa fa baranahiny, ary amin'io zotra io mihitsy izao no voalohany amin'izay baranahiny izay amin'ny zotram-pitaterana eto Antananarivo sy ny manodidina. Izay tian'ny resevera atao no ataony. Tsy isalasalana fa miray tsikombakomba ratsy aminy amin'izany ny tompona fiara sy ny tomponandraikitry ny kaoperativa Kofitama. Efa fotoana ela mantsy no niresahana an'izany fa tsy misy fandraisana andraikitra mihitsy tao amin'io zotra io. Mazava loatra, fa tsy manao ary tsy mahavita ny asany ihany koa ny antokon-draharaha misahana ny fitaterana an-tanety na ny ATT. Sampan-draharaha efa misy zava-mitranga vao mody mikoropaka sy miseho. Hatrany amin'ny tomponandraikitry ny minisiteran'ny fitaterana ihany koa ao anatin'izany, ary mandany ny volam-bahoaka fotsiny. Raha manao ny asany ara-dalàna ireo rehetra ireo, efa nisy fandraisana andraikitra sy fiovàna hatreto, fa tsy misy izany. Ny polisy ihany angaha no sisa atahoran'izy ireo sao hanapaka azy, ny ankoatra izay toy ny tsy misy. Fitaterana mampijaly vahoaka no misy eto.

***Radafy***



Rugby eny Andohatapenaka

# Hisy lalao vehivavy hidirampotsiny anio

Hisy lalao rugby vehivavy ho jerena maimaimpoana anio sabotsy 9 ôktôbra 2021, eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka dia ny andro faharoan'ny fifaninanana "Championnat de Madagascar 2021 1ère Division Féminine". Fandaharan-dalao : 13:00- Scb Besarety # Ftfa Antohomadinika. 15:00-3Fb Fahasalamana # FtmManjakaray.

***Rainilita***



*Rugby vehivavy Malagasy.*